

A Ny hafatry ny anjely voalohany. Apokalypsy 14:6-7.

❖ **Ny filazantsara mandrakizay.**

- Ny “filazantsara mandrakizay” dia ny vaovao mahafaly ny famonjena amin'ny alalan'ny fahasoavana ao amin'ny fanatitra nataon'i Jesosy.
- Mandrakizay izany satria efa voavotra “hatry ny fony fahagola” (Titosy 1:2). Tsy mbola niova mihitsy ary tsy hiova velively, ary miankina amin'ny fanekena na fandavana azy ny fiainana mandrakizay.

❖ **Tahotra sy fitsarana.**

- Inona ny hevitra ny hoe “matahora an'Andriamanitra”?
 - (1) Miankohoka Aminy (Genesisy 31:53)
 - (2) Manao Azy ho lohalaharana (Eksodisy 9:20)
 - (3) Mitandrina ny didiny (Deotoronomia 6:2)
 - (4) Manompo Azy (Deotoronomia 10:20)
- Inona ny hoe “fitsarany”?
- Manomboka ny fitsarana rehefa toriana ny filazantsara. Fantatra amin'ny anarana hoe fitsarana mialoha izy io (mialoha ny Fiaviany Fanindroany). Tapaka mandritra io fitsarana io izay ho anjara mandrakizay ny olona tsirairay (Apokalypsy 22:11)

❖ **Antso ho amin'ny fiankohofana.**

- Ny ady farany dia famelezana ny fiankohofana marina araka ny voalazan'ny Didy efatra voalohany:
 - (1) Andriamanitra irery ihany no iankohofana (Eks. 20:2-3) → Miankohoka amin'i Satana (Apok. 13:4)
 - (2) Aza manao sary hiankohofana (Eks. 20:4-6) → Miankohoka amin'ny sarin'ny bibidia (Apok. 13:14-15)
 - (3) Aza miteny ratsy ny anaran'Andriamanitra (Eks. 20:7) → Miteny ratsy an'Andriamanitra sy ny anarany (Apok. 13:6)
 - (4) Miankohofa amin'ilay Mpamorona amin'ny Sabata (Eks. 20:8-11) → Alahady no andro fiankohofana (Apok. 13:17)

B Ny hafatry ny anjely faharoa. Apokalypsy 14:8.

❖ **Rava Babylona.**

- Olona tsy nino ny teny fikasan'Andriamanitra no nanangana an'i Babylona (Genesisy 11:1-9). Nebokadnezara no nanao an'i Babylona ho “lehibe” (Daniela 4:30) ary ny mpaminany Isaia no naminany ny amin'ny faharavany noho ny fanompoan-tsampiny (Isaia 21:9).
- Ny Babylona amin'ny Andro Farany dia rafi-pivavahana izay nanda ny fahamarinana ka manaiky ny fampianaran-diso.
- Ire ny no “divay” izay nampahamamo izao tontolo izao, koa dia tsy afaka ny hanana fisainana mazava sy handray ny fahamarinana izy.

D Ny hafatry ny anjely fahatelo. Apokalypsy 14:9-13.

❖ **Ny anjara mandrakizay.**

- Ireo izay misotro ny divain'i Babylona dia tsy maintsy misotro ny divain'ny fahatezeran'Andriamanitra. Io divay io no naidina ho loza 7 (Apok. 15:7; 16:1-21).
- Ny afo sy solifara dia entina hanehoana ny fitsarana avy amin'Andriamanitra (Genesisy 19:24; Isaia 34:8-10; Joda 7).
- Hiakatra mandrakizay ny setroky ny fijaliany. Izany dia midika fa mandrakizay ny vokany.
- Amin'ny Fiavian'i Kristy fanindroany, ireo izay nanaiky ny antso farany ataon'ny filazantsara mandrakizay dia ho velona mandrakizay (Apok. 14:14-16; Mt. 13:30). Ireo izay tsy manaiky ny filazantsara kosa dia ho faty (Apok. 14:17-20).